Ny Valosoa sy hadihady

Veliranon'larivo : be famaritra toa rambon'osy ny ben'ny tanàna vaovao

Notanterahina ny alakamisy maraina lasa teo ny famindram-pahefana teo amin'ny Ben'ny tanàna teo aloha, Ravalomanana Lalao, sy ny nambaran'ny Fitsarana momba ny ady amin'ny Fanjakana sy ny ara-bola (Tribunal Administratif et Financier), fa lany hitantana ny Renivohitra indray mandritra ny efatra taona. Ny tolakandro kosa no nametrahana ny samboady manamarika ny maha ben'ny tanàna an'Andriatsitohaina Naina. Novelabelariny tamin'ny kabary nataony ireo «veliranon'larivo», ka anisan'ny misongadina amin'izany ny fanajana lalàna, fanorenena sekoly ambaratonga fototra, fanorenana trano fonenana (logements sociaux, 500 isa), fanorenana trano fivoahana (WC publics) tsy andoavam-bola, fampitomboana isa ireo paompim-pokonolona izay tsy andoavam-bola toy ny fahiny elabe, tsena misy rihana, ka ho fiantsonan'ny fiara ny ambany rihana,… Tena ho renivohitra tsy mena-mitahy amin'ny any ivelany tokoa Antananarivo raha ho tanteraka ao anatin'ny efatra taona ireo tetikasa ireo. Ny azo lazaina aloha dia ny vola hanatanterahana azy ireo, angamba, efa vonona ao satria nanambara ny filohan'ny Repoblika fa tsy hiara-hiasa amin'izay ben'ny tanàna tsy ao anatin'ny antokony ka ho toy ny nataony tamin'ireo «governora» nomena vola 1 miliara ariary isanisany entina mampandroso ny Faritra. Azo antoka izany fa hahazo amin'ilay 200 miliara ariary tantanan'ny fiadidiana ny Repoblika ny ben'ny tanànan'ny Renivohitr'i Madagasikara. Mety efa nisy ihany koa maketin'ireo trano fonenana sy ny tombam-bidiny, torak'izany koa ireo fotodrafitrasa sasany. Ny tsara ho marihana dia tsara dia tsara ny «velirano» ka izay mivadika, anefa hono, araka ny finoan'ny gasy dia ho kely ila. Raha ny fanajana ny lalàna no resahina dia izao Repoblika IV, andiany faharoa, izao no lohalaharana raha ny fanitsakitsahana lalàna , eny hatramin'ny Lalàmpanorenana aza, ka mba hiavaka amin'ireo manampahefana malaza amin'izany anie ity ben'ny tanàna ity. Hitombo isa ny sekoly ambaratonga fototra ary hisy «cantines» ao amin'izy ireo. Ny azo lazaina dia ampahafirin'ireo ankizy tsy tafiditra an-tsekoly amin'izao fotoana izao no hanana fahafahana, arabola sy ara-pitaovana, ka ho tafiditra amin'ireny sekoly ireny. Ary ahoana ihany koa ny momba ny mpampianatra satria ireo Fram am-perinasa aza misy olana tsy voavaha hatramin'izao. Raha hanorina trano fonenana aman-jatony amin'izao dingana voalohany izao dia hamaha ny olan'ireo tsy manan-kialofana ve izany. Ny "trano vy" eny Anosibe aza tsy nitombo isa fa nijanona teo ny fampanantenana. Hiditra any amin'ny kitapom-bolan'iza ny hofan'ireo trano ireo ? Araka ny fantatra dia olon-tsotra no mitantanana ireny trano fivoahana mijoro amin'izao fotoana izao ireny, araka izany dia tsy maintsy mandoa vola izay mampiasa satria andoavam-bola amin'ny Jirama ny rano lany sy ny jiro manazava. Mpiasan'ny kaominina izany no hitantana izay vao haorina ? Mety hampihena ireo mpanao maloto eny rehetra eny ve ny fisin'izany fotodrafitrasa vaovao izany. Mahabe resaka sy tsy mbola ahitana vahaolana ny resaka famatsian-drano amin'izao fotoana izao. Mety tsy ho ampy angamba ny isan'ny paompy eto an-drenivohitra saingy ireo efa mijoro aza tsy ampy ny tosika (pression), ka miteraka filaharan'ny "daba mavo" ampolony metatra maro. Mety hihena ny filaharana satria hisy paompy maromaro eny anivon'ny fokontany iray fa tsy mbola hisy vahaolana ny momba ny tosika na dia nosoloina aza ny tale jeneralin'ny orinasa Jirama. Hibananaka izany ny fikorinan'ny rano kanefa tsy maintsy tsinjovina ny fikojakojana ireny paompy ireny, ka ahiana ho toy ny tany aloha tany no hitranga, ka izay simba dia tsy misy mpanamboatra. Eo koa ny toetsaina lomorina, ka rehefa maimaimpoana no ahazoana zavatra iray dia tsy misy ny fanajana ireny fotodrafitrasa tsy andoavam-bola ireny. Amin'ny ankapobeny dia toa metimety amin'ny mponina ihany ireny mpivarotra amoron-dàlana ireny na dia mimenomenona aza ny olona sasany, ka heverina fa hiankina betsaka amin'izay toerana hanorenana izany tsena misy rihana izany no mety hamaha ny olana. Toy izany koa ny resaka fiantsonan'ny fiara satria raha lavitra ny toeram-piasan'ny manana fiara no hanorenana azy dia tsy hamaha ny olana ihany izany. Ny vola, angamba, tsy ho olana satria tsara mpiantoka manana ny vonona ny ben'ny tanàna vaovao, fa hifanentana amin'ny filan'ny mponina tokoa ve ireo fotodrafitrasa vao haorina ireo ? Ny ampitso no hanamarina na tsia izany..!

Andry Tsiavalona

NY TENY FIAINANA

Matio 13:15

Fa efa adala ny fon'izao olona izao. Ary efa lalodalovana ny sofiny, ary efa nakimpiny ny masony, fandrao hahita ny masony, sy handre ny sofiny, ka hahalala ny fony, dia hibebaka izy, ka hahasitrana azy Aho" (Isa.6.9.10)."

CENI

Nanatanteraka sehatra ifampidinihana momba ny fifidianana

Nanatanteraka sehatra ifampidinihina niaraka tamin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana, na ny CENI afak'omaly, teny amin'ny foibeny teny Alarobia. Nitondrana ny lahadinika voalohany amin'ity taona ity ny mikasika ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana, araka ny voalaza ao amin'ny lalàna fehizoro 2018-008. Ankoatra ireo fepetra takiana hahafahana misoratra ao anaty lisi-pifidianana dia nisy ny fampahatsiahivana ireo fe-potoana rehetra mandrafitra ity fanavaozana isantaona ny lisi-pifidianana ity. Ny 1 desambra hatramin'ny 15 febroary no fotoana fampidirana ny mombamomba ireo mpifidy vaovao sy fanesorana ny anaran'ireo nifindra monina, maty na koa noverezin-jo hifidy any amin'ny komity mpanisa mpifidy (CLRE) eny anivon'ny fokontany. Aorian'ny 28 febroary kosa, daty hamaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana, dia haverina eny amin'ny fokontany tsirairay ny lisitra, mba hahafahan'ireo mpifidy indray manamarina ny mombamomba azy. Teto dia nanamarika ny CENI fa araka ny voalazan'ny andininy faha-21 ny lalàna 2018-008 io ihany dia tsy maintsy manamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana ny mpifidy tsirairay, ary ny tsy fanaovana izany ao anatin'io fe-potoana io dia mahavery zo azy hanao fitarainana. Nanaitra ireo antoko politika sy ireo fiarahamonim-pirenena ihany koa ny CENI ny amin'ny fahafahan'izy ireo mampiditra olona 2 avy, ao amin'ny komity mpanisa mpifidy sy manara-maso ny asan'izy ireo mandritra ny fotoana fanavaozana ny lisitra ary manatrika ny famaranana ny lisi-pifidianana izay tontosaina eny anivon'ny distrika. Ireto manaraka ireto kosa ny asa atao amin'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana :

- Fitsirihana ireo mpifidy nilaza fa hadino, ka tsy voasoratra anarana nandritra ny fanavaozana natao tany aloha: 01 desambra - 15 febroary.
- Fandravonana ny vokatry ny asa natao tao aorian'ny fifidianana Solombavambahoka, ka nitsirihana ireo mpifidy voasoratra indroa, na mihoatr' izany, ka efa nisafidy ny hisoratra anarana amin'ny Fokontany iray voatondro: 01 desambra - 15 febroary.
- Fandraisana ny anaran'ireo mpifidy vaovao (Fanampiana avy hatrany sy/na fanampiana noho ny fangatahana) : 01 desambra - 15 febroary.
- Famafana ny anaran'ireo mpifidy tokony hesorina : 01 desambra - 15 febroary.
- Fandraisana ny fitarainan'ireo milaza ho tsy voasoratra : 01 desambra - 15 febroary.
- Fandravonana, fanontana sy famaranana vonjimaika ny lisitry ny mpifidy : hatramin'ny 28 febroary.
- Fampitana ny lisitra voafarana vonjimaika any amin'ny Fokontany: manomboka ny 29 febroary.
- Fanaovana peta-drindrina ny fametrahana ny lisitra nofaranana vonjimaika eny amin'ny Fokontany : manomboka 29 febroary.
- Fanokafana ny rejisitra fandraisana ny fitarainana sy/na fanamarinana eny amin'ny Fokontany : aorian'ny faharaisana ny lisitry ny mpifidy voafarana vonjimaika avy amin'ny CED
- Fanitsiana ny lisitry ny mpifidy arakaraka ny fandinihana ny fitarainana voaray : manomboka ny 01 martsa.
- Fampitana ny fanitsiana any amin'ny CEC/CED : alohan'ny 15 mey.
- Famaranana tanteraka ny lisitry ny mpifidy: 15 mey 2020.

Taorian'ny famelabelarana natao dia nisy ny fihainoana sy famaliana ireo fanontaniana sy fanamarihan'ireo mpanatrika. Nohamafisin'ireo mpikambana ao amin'ny CENI hatrany ny fahavononany hiantoka ny mangarahara tanteraka amin'ny fitantanana ny zotram-pifidianana.

Isambilo

TONONKALO

Mitady atidoha ?

Mitady "atidoha" ve ny kely atidoha
Sa dia inona no anton`ireo fiantsoana ?
F`angaha tsy nambaranareo tany aloha
Hoe ny "gasy efa vonona" no manoloana ?

Sa lasa nankaiza ny « be atidoha »?
Moa nisinda any ho any fa tsy nahatanty,
Ka dia mihetsiketsika indray ny filoha,
F`efa toa manirery sy be mpanabanty ?

Tsy hoe ny atidoha no tsy misy, matetika ,
Fa ny mpitarika no tsy dia afaka.
Fatra-pandainga ka diso fitetika,
Vao mba miroso dia indro solafaka !

Raha ny atidoha dia tsy ambaka ny gasy
Fa manana isika ary lava ny lisitra.
Ny olo-mitarika no 'tsy mipasy"
Matoa isika rambony na miady gisitra !

DADAN`i ZINA (16-01-20)

Penjy Randrianarisoa

Tafapetraka amin'ny toeran'ny ben'ny tanànan'Ivato indray

Tafapetraka amin'ny toeran'ny ben'ny tanànan' Ivato, distrikan'Ambohidratrimo, faritra Analamanga indray ny ben'ny tanàna teo aloha Penjy Randrianarisoa omaly, teny Ivato. Fotoam-piasana 4 taona faharoa indray no nanomboka omaly, ho an'ity ben'ny tanàna voafidy tamin'ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ity. Nambarany tamin'izany fa "ho entinay ampahamarinana sy ao anatin'ny fahendrena ary hakingana sy mangarahara ny kaomnina Ivato. Tonga amin'ny toerana aho izao, ary hodiovinay ao anatin'ny fotoana fohy ireo fako eran'ny tanàna. Ho amboarina ny simba, ary tsy maintsy tratra ny tanjona dia ilay hoe, Ivato mamirapiratra", hoy izy.

Isambilo

Ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, nametrahana samboady omaly.